Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara
SYNODAM-PARITANY ANTANANARIVO ATSIMO
Fitandremana **ANKADIMBAHOAKA**

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faha Sivy
**Lesona** : **08** : ***« Mino aho afaka ny zanako » Marka 09*** $^{14\text{-}29}$

**ZAVA-KENDRENA** : Ny ahafantarantsika fa maika amin'ny finoantsika ny Tompo mba hamonjena ny zanantsika koa.

**FANAZAVANA** :

Ato amin'ny Marka 09 :14-29. Marary mafy ity zazalahy ity ka nentina teo amin'ny Mpianatry i Jesoa saingy tsy nahasitraa azy izy ireo. Dia tonga Jesoa ka niresaka : tsy avy hatrany dia nanasitrana anefa i Jesoa na dia efa tena may mafy aza ny rain'ity zaza fa mbola fanontaniana ihany no narosony (and 21). Ary izany fanontaniana izany indrindra no nitarika an-dralehilahy hiantso sy hila vonjy amin'i Jesoa (and 21b -22), ary izany fanontaniana izany koa no nanindronan'i Jesoa ny fototry ny OLANA tamin'ity lehilahy ity : dia ny tsy finoany (and 23) ka hantonga an-dRalehilahy hibabako fa hino amin'izay marina tokoa (and 24). Taorian'izay vao nanasitrana ilay zanany Jesoa.

Asehon'ity tantara ity amintsika ary fa eo anoloan'ny zavatra manjo ny zanantsika dia vonona hanasitrana tokoa i Jesoa saingy tena miandry ny finoantsika Ray aman-dReny Izy.

**FAMPIHARANA** :

Ho antsika Ray aman-dReny, ho antsika tsirairay koa dia mitarika antsika handinin-tena izay voalaza ato amin'ny Marka 09 :14-29 izany. Raha tsy afaka miasa hitondra vahaolana tao amin'ny zava-manahirana ny Tompo dia saino fa mety ho avy amin'ny tsifinoana izany, mety mivavaka fa tsy tena mino. Mety ho ny vahaolana no mahamaika fa tsy ny fihavanana amin'Andriamanitra tsy heverina loatra. Toa Jesoa Dokotera fotsiny no iheverana Azy amin'izany.

Ho antsika lehilahy dia mampieritreritra ity tantara ity : rangahy no nitondra ny zanany hotsaboina. Mahaliana no ahitana toy izany. Tena zava-dehibe ny fandraisana andraikitr'ity raim-pianakaviana ity fa matetika koa anefa ny lehilahy indrindra no tena mafy fo, sarotra mino an'i Jesoa. Isika lehilahy indrindra no mila miaiky ny tsy finoana ka manolo tena marina ho an'i Jesoa.

Hevero dinihina eo anatrehan'ny Tompo indray ary :

- Mino ny Tompo tokoa ve ianao ?
- Tena mivavaka ve ianao ?
- Ampy vavaka ve ny fiainanao ?

**HIFANAKALOZY HEVITRA** : Nahoana ny vehivavy no betsaka mankaty am-piangonana sy mianatra Soratra Masina ?

**TSIANJERY :** ***Asa 16 :31 « Mino an'i Jesoa Tompo dia ho vonjena ianao sy ny ankohonanao »***

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra. AMENA

Ny Mpampianatra RAFONENARINTSOA Iarilala